Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FIARAHA-MIVAVAKA
Pasteur Seth RASOLONDRAIBE

ALAKAMISY 18 JONA 2020

Lohahevitra: "FAKAM-PANAHIN'I JESOSY"
MATIO 4.1-1

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina

HIRA 28

Vavaka

Teny fampidirana

HIRA 459

Vakiteny 1 MAT 4.1-4

1ARY Jesosy dia nentin'ny Fanahy nankany an-efitra, mba halain'ny devoly fanahy. 2Ary nifady hanina efa-polo andro sy efa-polo alina Izy, koa nony afaka izany, dia noana. 3Dia nanatona ny mpaka-fanahy ka nanao taminy hoe: Raha Zanak'Andriamanitra Hianao, dia teneno ho tonga mofo ireto vato ireto. 4Fa Izy kosa namaly ka nanao hoe: Voasoratra hoe: „Tsy mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra" (Deo. 8.3).

Fanazavana Fohy
HIRA 462.1

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

Mifona noho ny tsy fahaizantsika miankina @ Ray
Mifona noho fahatokian-tena : avonavona sy fireharehana
Mianatra miankina

VAVAKA MPITANDINA.....

VAKITENY 2. MAT 4.5-7

5Ary ny devoly nitondra Azy nankany amin'ny tanàna masina ka nampitoetra Azy teo an-tampon'ny tempoly, 6dia nanao taminy hoe: Raha Zanak'Andriamanitra Hianao, mianjerà any ambany any; fa voasoratra hoe:
Izy handidy ny anjeliny ny aminao; Ary eny an-tànany no hitondran'ireo Anao, Fandrao ho tafintohina amin'ny vato ny tongotrao" (Sal. 91.11, 12).
7Hoy Jesosy taminy: Voasoratra hoe koa: „Aza maka fanahy an'i Jehovah Andriamanitrao" (Deo. 6.16).

Fanazavana fohy .

HIRA 612. 1-2

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

Ny fimonomononana koa dia maka fanahy an'Atra satria tia hanery Azy..

Ny fahakivina sy ny famoizam-po : fiderana atolotra ny devoly

Mivavaka isika tsy haka fanahy an'Atra

VAVAKA MPITANDRINA……

VAKITENY 3. ..MAT 4.8-11

8Ary ny devoly nitondra Azy indray nankany an-tendrombohitra avo dia avo ka naneho Azy ny fanjakana rehetra amin'izao tontolo izao mbamin'ny voninahiny, 9dia nanao taminy hoe: Izao rehetra izao dia homeko Anao, raha hiankohoka eto anatrehako Hianao. 10Fa hoy Jesosy taminy: Mandehana hianao, ry Satana: fa voasoratra hoe; „Jehovah Andriamanitrao no hiankohofanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao" (Deo. 6.13).
11Dia nandao Azy ny devoly, ary indreo, nisy anjely tonga ka nanompo Azy.

Fanazavana fohy

Hira 506 1 sy 3

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

mba hioriana eo amin'i Jesosy ny fon'ny Mpino

mba hazoto hanome ho an'ny asan'Atra ny Mpino

Tsy ho tia vola, voninahitra, tsy handositra hazo fijaliana

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 4. 1JAO 2.15-17

15Aza tia izao tontolo izao, na izay zavatra eo amin'izao tontolo izao. Raha misy olona tia izao tontolo izao dia tsy ao anatiny ny fitiavana ny Ray. 16Fa ny zavatra rehetra eo amin'izao tontolo izao, dia ny filan'ny nofo sy ny filan'ny maso ary ny rehaka momba izao fiainana izao, dia tsy avy amin'ny Ray, fa avy amin'izao tontolo izao ihany. 17Ary mandalo izao fiainana izao sy ny filany; fa izay manao ny sitrapon'Andriamanitra no maharitra mandrakizay.

Fanazavana Fohy:

HIRA 643. 1-2

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

MALALAKA

VAVAKA MPITANDINA + VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO

Teny FANDRAVONANA

JAKOBA 1.12-13

12Sambatra izay olona maharitra fakam-panahy; fa rehefa voazaha toetra izy, dia handray ny satro-boninahitra fiainana, izay nolazain'ny Tompo homena izay tia Azy.
13Raha misy alaim-panahy, aoka izy tsy hanao hoe: Andriamanitra no maka fanahy ahy; fa Andriamanitra tsy azon'ny ratsy alaim-panahy, sady tsy mba maka fanahy olona Izy; 14fa samy alaim-panahy ny olona, raha tarihin'ny filany sy fitahiny izy.

HIRA 643.3-4

TSO-DRANO